

Ventin-Kafatra sy Asa ho Fisorohana sy Fanarahamaso ny COVID-19 eny anivon'ny Sekoly



© UNICEF/Ralaivita

VOTOATINY

I.	ZAVAMISY MANODIDINA NY COVID-19	3
II.	TENY FAMPIDIRANA	4
III.	NY TALEN-TSEKOLY, MPAMPIANATRA ARY MPANABE	5
	<ul style="list-style-type: none">• Ventin-kafatra & Asa• Talelaka fitadidy	
IV.	RAY AMAN-DRENY /MPIKARAKARA ANKIZY ARY NY MPIARAMONINA	8
	<ul style="list-style-type: none">• Ventin-kafatra & Asa• Talelaka fitadidy	
V.	MPIANATRA SY ANKIZY	11
	<ul style="list-style-type: none">• Talelaka fitadidy• Fanabeazana ara-pahasalamana araka ny sokajin-taona<ul style="list-style-type: none">- Akany fibeazana fototra- Ambaratonga Voalohany- Ambaratonga faharoa- Lycée	

I. ZAVAMISY MANODIDINA NY CORONAVIRUS NA COVID-19

Inona moa ny Kôronavirisy na COVID-19?

Ny COVID-19 dia aretina nateraky ny karazana Kôronavirisy vaovao. 'CO' = corona, 'VI' =virus, ary 'D' Aretina. Nantsoina hoe « Côronavirisy vaovao 2019 ity aretina ity tamin'ny voalohany '2019-nCoV.' Ny tsimokaretina COVID-19 (Kôronavirisy) dia tsimokaretina vaovao mitovitovy amin'ny fianakavian'ny tsimokaretina mahatonga ny Soritaretin'ny Taovam-pisefoana Mahery Vaika sy ny sery mahazatra.

Inona avy ireo fambara aretina Kôronavirisy ?

Ny fanaviana, ny kohaka, ny fifosefoana no anisan'ny fambara aretina. Amin'ny tranga sarotra kokoa dia mety miteraka « pneumonie » na fahasarotan'ny fisefoana ilay aretina. Mahalana no mahafaty ity aretina ity. Ireo fambara aretina ireo dia mitovitovy amin'ny gripa na sery mahazatra ihany, izay mateti-pitranga noho ny Kôronavirisy. Izany indrindra no ilana fanaovana fitiliana ho fanamarinana na voan'ny COVID-19 ny olona iray na tsa.

Amin'ny fomba ahoana no iparitahan'ny Kôronavirisy ?

Mifindra mivantana avy amin'ny alalan'ny pitidranon'ny fitaovam-pisefoan'ny olona tratan'ny Kôronavirisy (avy amin'ny kohaka sy fievinana) ny tsimokaretina. Mety ho tratan'io aretina io koa ny olona iray vokatry ny fifampikasohana amin'ny faritra voaloton'ny tsimokaretina ka mikasika ny tarehiny izy rehefa avy eo (ohatra maso, orona, vava). Afaka mivelona amin'ny toerana iray ao anatin'ny ora maromaro ny tsimokaretin'ny Kôronavirisy, saingy ny fanaporitsihana tsiranoka tsotra famonoana otrikaretina dia afaka mamono azy.

Iza no tena mora adairany ?

Mbola mamanan'ny bebe kokoa isan'andro ny amin'ny fomba ampararian'ny Kôronavirisy ny olombelona ny manampahaizana. Ny azo ambara fotsiny dia saika ny olona efa zokinjokiny, ny olona manana aretina mitaiza toy ny diabeta, ny aretin'ny fo no tsikaritra fa andairan'ny soritaretina mafimafy kokoa. Koa satria mbola

tsimokaretina vaovao izy io, dia mbola mamantatra ny fomba ahatraran'izy io ny ankizy ny manampahaizana. Fantatra kosa aloha fa ny olona amin'ny sokajin-taona rehetra dia mety ho tratan'io tsimokaretina io avokoa, saingy hatreto aloha dia zara raha misy ankizy efa tratan'ny Kôronavirisy. Tsimokaretina vaovao io ka mila fantarina bebe kokoa ny fomba anafihany ny ankizy. Amin'ny toe-javatra mahalana vao mahafaty ilay tsimokaretina ary hatreto dia ny olona efa zokinjokiny manana aretina mitaiza no niharan'ny fahafatesana tamin'izay tratrany.

Inona no fitsaboana ho an'ny Kôronavirisy ?

Hatreto aloha dia tsy mbola misy ny vakisiny fanefitry ny Kôronavirisy. Na dia izany aza anefa dia azo tsaboina ny maro amin'ny amin'ireo soritaretina ary ny fahazoana fitsaboana ara-potoana avy amin'ireo mpiasan'ny fahasalama dia mahatonga ny aretina tsy dia mampididoza loatra. Efa betsaka ny fanandramana ara-pitsaboana natao amin'ny fanombanana izay mety ho fitsaboana ny Kôronavirisy

Amin'ny fomba ahoana no hanalefahana ny fiparitahana na hisorohana ny Kôronavirisy ?

Toy ireo aretin'ny taovam-pisefoana hafa toy ny gripa na sery mpahazo dia zavadehibe tokoa ireo fepetra momba ny fahasalamam-bahoaka ho fanalefahana ny fiparitahan'ny aretina. Ireo hetsika fisorohana fanao an-davanadro no fepetra momba ny fahasalamam-bahoaka. Tafiditra ao anatin'izany ireto :

- mijanona any an-trano rehefa marary;
- tampenana amin'ny sandry na mosara taratasy ny vava sy ny orona rehefa mikohaka na mievina. Ariana avy hatrany ilay mosara taratasy avy eo.
- misasa tanana matetika amin'ny rano sy savony; ary
- diovana matetika ny toerana na fitaovana.

Mety mbola hampian'ireo mpiasan'ny fahasalamana ireo hetsika ireo arakaraka ny zavatra fantatra momba ny Kôronavirisy.



II. TENY FAMPIDIRANA


Nambara ho Hamehana Iraisam-pirenena lombonana ho an'ny Fahasalam-bahoaka ny valanaretina momba ny Kôronavirisy, ary efa niparitaka amin'ny firenena maro sy faritra ilay tsimokaretina. Na dia mbola betsaka aza ny tsy fantatra momba ny tsimokaretina miteraka ny Kôronavirisy, dia fantatra kosa fa mifindra amin'ny alalan'ny fikasihana mivantana avy amin'ireo piti-javatra avy amin'ny fitaovam-pisefoan'ny olona marariny (vokatry ny fikohafana na fievinana) izy io. Mety ho tratran'io aretina io koa ny olona iray vokatry ny fifampikasohana amin'ny faritra voaloton'ny tsimokaretina rehefa mikasika ny tarehiny izy (ohatra maso, orona, vava). Raha mbola mitohy ny fiparitahan'ny Kôronavirisy, dia zavadehibe ny handraisan'ny fiarahamonina fepetra ho fisorohana ny fiparitahany lavitra kokoa, hampihenana ny fiantraikan'ny valanaretina ary hanohanana ireo fepetra fifehezana azy.

Zava-dehibe ny fiarovana ny ankizy sy ny toeram-pianarana. Ilaina ny fahamalinana ho fisorohana ny mety ho fiparitahan'ny Kôronavirisy any an-tekoly. Na dia izany aza anefa, dia ilaina ihany ny fitandremana mba hialana amin'ny fanilikilihana ny mpianatra na ny ireo mpanabe izay mety niatrika ilay tsimokaretina. Zavadehibe ny mahatsiaro fa tsy manavaka taona, sisintany, foko, fahasembanana, taona ary ny lahy na vay ny Kôronavirisy. Ilaina ny sekoly ho toerana mandray, manaja, mampiaty ary mikarakara ny rehetra. Mety hisakana ny fidirana sy fiparitahan'ny Kôronavirisy avy amin'ny mpianatra na ireo mpanabe izay mety ho niatrika ny tsimokaretina ny fepetra raisin'ny sekoly no sady mampihena ny fikorontanana ary miaro ny mpianatra sy ny mpanabe amin'ny fanavakavahana.

Tanjona

Ankehitriny, ny ankizy sy ny zatovo dia olom-pirenen'ny fanatontoloana, mpitondra fiovana mahery vaika ary tranaka vaovao ho mpikarakara ankizy, mpahay siansa sy dokotera. Izay mety ho krizy dia hirika manampy azy ireo handray lesona, hikolokolo ny fitserana ary mampitombo ny fahafaha-miatrika zava-tsarotra no sady manorina fiarahamonina milamina sy mihevitra ny hafa kokoa. Ny fananana ny tsara ho fantatra sy ny zavamisy manodidina ny Kôronavirisy dia hanampy amin'ny fanafoanana ny tahotra sy ahiahin'ny mpianatra manodidina ilay aretina ; manampy azy ireo ho afaka hiatrika ny mety ho fiantraikany ratsy eo amin'ny fiainan'izy ireo koa izany. Ity torolalana ity dia manome hafatra sy ireo tsara ho fantatra ho an'ny talen-tsekoly, mpampianatra, mpanabe, ny ray aman-dreny, ny mpikarakara ankizy ary mpiaramonina eny fa ireo ankizy aza mba hisian'ny sekoly salama sy milamina.

Ny hanome torolalana mazava sy azo tanterahina amin'ny alalan'ny fisorohana, fitiliana aloha ary ny fifehezana ny Kôronavirisy eny anivon'ny sekoly sy ny toeram-pianarana hafa no tanjon'ity tahirin-kevitra ity. Na dia natao manokana ho an'ireo firenena efa nahitana ny fifindran'ny Kôronavirisy aza ity torolalana ity dia mbola mitombina tsara ho an'ny firenana rehetra. Ny fanabeazana mantsy dia afaka mampirisika ny mpianatra ho lasa mpanentana ho an'ny fisorohana sy fifehezana ny aretina any an-tokantrano sy antsekoky ary eny anivon'ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny firesahana amin'ny hafa ny amin'ny fomba fisorohana ny fiparitahan'ny tsimokaretina. Mitaky fiheverana zavatra maro ny fitazonana ny tsy fahatapahan'ny fampianarana na ny fanokafana indray ny sekoly aorian'ny fikatonanany. Nefa raha vita tsara izany dia mety hampiroborobo any fahasalamam-bahoaka.



III. TALEN-TSEKOLY, MPAMPIANATRA SY NY MPANABE

Ventin-kafatra & Asa

Fotokevi-dehibe

Miaro ny mpianatra, ny mpampianara ary ny mpanabe eny an-tsekoly sy manampy amin'ny fisakanana ny fihanahan'ny aretina ny fanarahana ireo fotokevi-dehibe. Ireto avy ireo toromarika hisian'ny sekoly salama:

- Rehefa marary dia tsy mankany an-tsekoly ny mpianatra, ny mpampianatra ny mpanabe
- Tokony hanamafy ny tsy maintsy hanasana tanana matetika amin'ny rano madio sy savony, na amin'ny 'gel désinfectant à base d'alcool' na koa amin'ny « solution de chlore » na farafaharatsiny, manadio sy mandraraka fanafody famonoana otrikaretina isan'andro ny sekoly,
- Ny sekoly dia tokony hametraka toerana misy rano sy fanadiovana ary fitantanana fako ka manaraka ireo fepetra fanadiovana ny toerana tratran'ny fihanahan'ny loto manapoizina
- Ilain'ny sekoly ny mampiroborobo ny fahaizamihatakataka (teny fampiasa amin'ny hetsika atao mba tsy hahafaingana ny fihanahan'ny aretina haingam-pifindra, ka anisan'izany fisorohana izany ny fialana amin'izay mety ho fitangoronana)

Fantaro ireo fivoaran'ny toe-javamisy farany

Zavadehibe ny fahalalana ny tsara ho fantatra fototra manodidina ny aretina Kôronavirisy (COVID-19). Ao anatin'izany ireo fambara aretina sy ny fiombony, ny fomba fifindrany ary ny fisorohana ny fifindrany. Manaràha tsy tapaka ny tsara ho fantatra manodidina ny aretina Kôronavirisy avoakan'ny sampandraharaha azo antoka toy ny UNICEF sy ny OMS ary Ministeran'ny Fahasalama-bahoaka eo amin'ny firenena misy anao. Tandremo ny vaovao tsy marina/honohono izay mety miely vokatry ny tsaho avoakan'ny tamban-jotra sôsialy.

Arovy ny sekoly

Jereo ny 'Fanamarinana ny Tontolon'ny Sekoly Milamina' etsy ambany
Ataovy maharaka ny toe-trandro na arafeto ny planina fiatrehana ny hamehana ho an'ny sekoly. Mirahamiasa amin'ny solontenam-pitondrampanjakana eo antoerana mba hiantohana fa tsy atao toerana fampialofana na fitsaboana aretina ny sekoly. Arakaraka izay mety ho zavatra mananontanona, dia hevero ny hanafoanana ny hetsika na fivoriana fanaon'ny fiarahamonina amin'ny faritry ny sekoly.

Hamafiso ny fanasan-tanana matetika sy ny fanadiovana ary manaova tahiry ny amin'izay ilaina ho amin'izany. Omany ny toerana fanasana tanana amin'ny rano sy savony ary raha azo atao dia asio « gel désinfectant à base d'alcool » ho an'ny tanana isaky efitrano fianarana sy isaky ny fidirana sy fivoahana ary eo amin'ny toeram-pisakafoanana sy amin'ny toeram-pivoahana.

Diovy sy raraho fanafody famonoana otrikaretina, farafahakeliny indray mandeha isan'andro, ny trano sekoly sy ny efitrano fianarana ary indrindra indrindra ny toerana misy ny rano sy fanadiovana, ary avahana manokana amin'izany ireo faritra tena voakasikasiky ny olona mateika (arofanina, latabatra fisakafoanana, fitaovam-panatanjahan-tena, « poignets » famohana sy fanidina varavarambe sy varavarankely, kilalao, fitaovana entimampianatra sy enti-mianatra, sns.)

Ampiharo ny fahaiza-mihatakataka izay mety ahitana ireto:

- Ovaovaina ny fidirana sy firavan'ny fianarana
- Fanafoanana ny fivoriana sy ny lalao arapanatanjahan-tena ary ny hetsika hafa izay mety ahitana olona mitangorona
- Araka izay azo atao dia asio elanelany eo amin'ny iray metatra ny 'table-banc' ipetrahan'ny mpianatra
- Ampianaro ary manomeza môdely ho an'ny fanasiana elanelana mbamin'ny fisorohana ny fifampikasokasohana tsy amin'antony

Mametraka fepetra arahahina raha sendra misy mpiaramiasa marary

Omany mialoha miaraka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana, ny mpiasa misahana ny fahasalamana an-tsekoly ary ataovy maharaka ny zavamisiny laharan-telefônina antsoina amin'ny hamehana. Apetraho ny fepetra fanasarahana ny mpianatra na mpanabe marary amin'ny salama, saingy tsy manisany fanilikilihana ; apetraho ihany koa ny fomba hampahafantarana ny ray aman-dreny/ mpiahy sy ny fakana hevitra amin'ny tomponandraiki-pahasalamana raha azo atao. Mety halefa mivantana mamonjy ny tobim-pahasalamana ny mpianatra/ mpanabe arakaraka ny toe-javamisy na halefa mody. Ampahafantaro mialoha ny mpianatra sy ny ray aman-dreny ny fepetra harahina.

Mampiroborobo ny fifampizaram-baovao.

Arindrao sy araho ny toromarika avy amin'ny Ministeran'ny Fahasalamana sy ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena. Ampitao amin'ny mpiaramiasa sy ny mpiahy ny ankizy ary ny mpianatra ny tsara ho fantatra toy ny fisorohana sy ny ezaka ataon'ny sekoly hifehezana ny aretina, miaraka amin'ny vaovao mahakasika ny fivoaran'ny valanaretina. Antitrantero fa mila mampahafantra ny sekoly sy ny mpiasan'ny fahasalamana ny mpiahy ny ankizy raha sendra misy ankizy voamarina fa tratan'ny Kôronavirisy any an-trano, ary tsy alefa an-tsekoly aloha izy. Ampiasao ny komitin'ny FEFI na FRAM na ny rafitra hafa mba ho fifampitam-baovao. Ataovy koa izay hamaliana ireo fanontaniana sy ahiahin'ny mpianatra. Asio koa fitaovana mora azon'ny zaza toy ny petadrindrina izay azo apetraka eny amin'ny « tableau d'affichage », trano fivoahana na amin'ny toerana hafa azon'ny rehetra jerena.

Araka izay azo atao arindrao ny fomba fiasan'ny sekoly. Apetraho ny fomba fiasa momba ny fahatongavana an-tsekoly sy fahazoana tsy hiasa/hianatra noho ny tsy fahasalamana izay hampirisika ny mpanabe na mpianatra hijanona any an-trano raha sendra marary na mikarakara ny marary ao amin'ny ankohonana. Fadio mihitsy ny fomba fiasa anomezan-tambiny ho an'izay tsy tapaka mihitsy ny fahatongavany. Fantaro ny asa tena iankina-javatra betsaka ka omany mialoha ny fahafahana misolo ny mpanabe tsy afaka mpianatra amin'ny alalan'ny fampiofanana azy ireo hahafehy taranja maro. Omany mialoha koa ny mety hisian'ny fiovan'ny tetiandron'ny taom-pianarana, indrindra fa ireo mahakasika ny fialantsasatra sy ny fanadinana.

Araho maso ny fahatongavana an-tsekoly

Ampiharo ny rafitra fanarahamaso ny fahatongavan'ny mpianatra sy mpanabe any an-tsekoly ka ampitahao amin'ny endriky ny tsy fahatongavana mianatra/misa fahita amin'ilay sekoly izany. Asio fanairana ho an'ny manampahefana ara-pahasalamana ny momba ny tsy fahatongavana mianatra/miasa betsaka vokatry ny aretin'ny taovam-pisefoana.

Omany ny fitohizan'ny fianarana

Tohano hatrany ny fahafaha-misitrika fanabeazana tsara kalitao raha sendra misy ny fanapatapahana / tsy fahatongavana an-tsekoly vokatry ny tsy fahasalamana, na ny fikatonana'ny sekoly vonjimaika. Ireto no mety ho azo ampiasaina amin'izany:

- Fapiasana paikady fianarana ampitain-davitra amin'ny alalan'ny fitaovan-tserasera

- Fanomezana etimody (vakiteny sy fampiasana hafa)
- Fandaharana amin'ny onjam-peo na fahitalavitra mifandraika amin'ny fampianarana
- Fanendrena mpampianatra hanao fanjohina avy lavitra ny mpianatra iasan'andro na isan-kerinandro
- Fanavaozana/fandrafetana ny paikadin'ny « cours accéléré »

Ampiharo ny fanabeazana ara-pahasalamana voatokana.

Ampidiro ao amin'ny lesona sy ny sahanasa fanao an-davanadro ny fisorohana sy fifehezana aretina. Kendreo mba hifanaraka amin'ny sokajin-tanona, ny miralenta, ny foko, mitsinjo ny manana fahasembanana ny votoatiny ary ny sahanasa atao dia tsy mivaona amin'ny taranja efa ianarana. (Jereo ny fizarana mahakasika ny Fanabeazana Ara-pahasalamana mifandraika amin'ny Sokajin-taona)

Atreho ny resaka mahafaoka ny fahasalamana aratsaiana /fanohanana ara-psikôlojia

Ampirisiho ny mpianatra mba hamoaka ny fanontaniana na ny ahiahiny. Hazavao aminy fa zavatra ara-dalana ny fananan'izy ireo fihetseham-po samy hafa ary ampirisiho izy ireo hiresaka amin'ny mpampianatra raha toa ka misy fanontaniana manitikitika na zavatra mampanahy. Omeo valinteny marina, mifanaraka amin'ny sokajin-taona izy ireo. Tariho ny mpianatra mba hahita ny fomba hanohanany ny namany sy hisoroka ny fanilikilihana ary ny fanaovana didin'ny be sandry. Kendreo koa mba ho fantantrany ny mpampianatra ny azo iantsapazana eo amin'ny toerana misy azy. Miarahamiasa amin'ireo mpisahana ny fahasalamana/mpiasa ara-tsôsialy mba hahafantarana sy hanohanana ny mpianatra na mpanabe ahitana taratra hakivikiviana.

Omeo fanohanana ireo olona marefo

Miarahamiasa amin'ny rafitry ny fahiana aratsôsialy mba hiantohana ny fitohizan'ny tolotra iankinan'aina izay mety fanao any an-tsekoly toy ny fizaha-pahasalamana, fanomezan-tsakafo fitsaboana ho an'ny zaza manana filana manokana. Hevero ny zavatra ilain'ny ankizy tratan'ny fahasembanana sy ny fomba mety hahavao mafy tokoa ny fahasalaman'ireo olona voailika eo amin'ny fiarahamonina sy ny mety ho fiantraikan'ny aretina tsy mivantana. Diniho izay mety ho fiantraikany amin'ny ankizy vavy izay mety hampitombo ny tandidondoza ho azy ireo amin'ny fikarakarana ny marary any an-tokantrano na izay mety ho fanararaotana azy ireo ivelan'ny sekoly.

TAKELAKA FITADIDY HO AN'NY TALEN-TSEKOLY, MPAMPIANATRA ARY MPANABE

1. Ampiroboroboy sy anomezo ohatra mivaingana ny fanasana tanana mateika sy ny toetra amampihetsika mitandro fahadiovana ary araho maso ny fampiharana azy. Asio toeram-pidiovana aradalana sy madio ary misaraka ho an'ny ankizilahy sy ny ankizivavy.
 - Asio savony sy rano madio amin'ny toerana fanasan-tanana mifanaraka amin'ny sokajintaona
 - Ampirisiho ny fanasan-tanana manontolo (mandritry ny 20 segôndra farafahakeliny)
 - Raha misy ny fahafaha-manao dia ametraho « gel désinfectant » ho an'ny tanana any amin'ny toeram-diovana, efitrano fianarana, ny toeram-piandrasana ary eo akaikin'ny varavarana ivoahana
 - Asio toeram-pidiovana na toeram-pivoahana aradalana sy madio ary misaraka ho an'ny ankizilahy sy ny ankizivavy.
2. Diovy sy raraho fanafody famonoana otrikaretina, farafahakeliny indray mandeha isan'andro, ny trano sekoly sy ny efitrano fianarana ary indrindraindrindra ny toerana misy ny rano sy fahadiovana, ary avahana manokana amin'izany ireo faritra tena voakasiky ny olona mateika (arofanina, latabatra fisakafoanana, fitaovampatanjahan-tena, « poignets » famohana sy fanidina varavarambe sy varavarankely, kilalao, fitaovana entimampianatra sy enti-mianatra, sns.)
 - Mampiasa « hypochlorite de sodium 0.5% » (mitovy amin'ny 5000ppm) ho famonoana otrikaretina amin'ny toerana iray sy « alcohol ethylic 70% » ho famonoana otrikaretina amin'ny fitaovana madinidinika, ary omeo fitaovana aradalana ho an'ireo mpiasa mpanadio.
3. Ampitomboy ny fifamoivoizan-drivotra raha mety amin'ny toetrandro (Vohay ny varavarankely, mampiasa « climatiseur » raha misy, sns)
4. Asio petadrindrina mampirisika ny fomba fanao tsara amin'ny fahadiovan'ny tanana sy fisefoana.
5. Ataovy izay hanlana ny fako isan'andro sy hariana azy amin'ny toerana tsy mitera-doza.



IV. RAY AMANDRENY/MPIAHY NY ANKIZY ARY NY MPIARAMONINA

Ventin-kafatra & Asa

Tsimokaretina vaovao ny Kôronavirisidy COVID-19 ka mbola mamantatra ny fomba ahatratrarany izy io ny ankizy ny manampahaizana. Fantatra kosa aloha fa ny olona amin'ny sokajin-taona rehetra dia mety hotratran'io tsimokaretina io avokoa, saingy hatreto aloha dia zara raha misy ankizy efa tratran'ny Kôronavirisidy. Mety mahafaty kosa io tsimokaretina io, indrindra fa amin'ireo olona efa zokinjokiny manana aretina mitaiza.

Fantaro ireo fivoaran'ny toe-javamisy farany

Zavadehibe ny fahalalana ny tsara ho fantatra fototra manodidina ny aretina Kôronavirisidy (COVID-19). Ao anatin'izany ireo fambara aretina sy ny faiombony, ny fomba fifindrany ary ny fisorohana ny fifindrany. Manaraha tsy tapaka ny tsara ho fantatra manodidina ny aretina Kôronavirisidy avoakan'ny sampandraharaha azo antoka toy ny UNICEF sy ny OMS ary Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka eo amin'ny firenena. Tandremo ny vaovao tsy marina/honohono izay mety miely vokatry ny tsaho avoakan'ny tambanjotra sôsialy.

Fantaro ireo fambara aretina Kôronavirisidy (kohaka, fanaviana, fisefofoana) eo amin'ny zanakao

Mitadiava torohevitra ara-pahasalamana ka antsoy aloha ny tobim-pahasalamana/ ny mpitsabo anao, dia ampidiro hopitaly izy rehefa izay ny lazainy. Tsarovy

fa ny fambara aretina Kôronavirisidy toy ny kohaka ny fanaviana dia mety mitovy amin'ireo gripa na sery mpahazo, izay mateti-pitranga kokoa. Raha sendra marary ny zanakao, dia avelao hijanona any antrano ka aza alefa an-tsekoly ary ampahafantaro ny sekoly ny tsy fahatongavany mainatra sy ny fambara aretina. Hazavao tsotra amin'ny zanakao ny zavatra mitranga ary omeo toky izy fa tsy misy zavatra tokony hatahorany.

Alefaso mianatra hatrany ny zanakao rehefa salama.

Raha toa ka tsy ahitana soritra ny fambara aretina toy ny fanaviana na kohaka dia tsara ny handefasanao azy mianatra afa tsy hoe misy fandrarana navoakan'ny manampahefana ara-pahasalamana na avy amin'ny manampahefana ara-panjakana hafa ka mety hisy fiantraikany amin'ny fianaran'ny zanakao/

Aza ajanona mianatra ny zanakao fa ampianaro azy ny fomba fanao tsara amin'ny fanasana tanana matetika (jereo etsy ambany) sy ny fitaovampisefoana (manampina kohaka na fiveninana amin'ny sandry aforitra na mosara taratasy) ho an'ny sekoly sy ny toerana hafa. Ariana avy hatrany amin'ny daba fanariam-pako misarona ilay mosara, tsy mikasika ny maso sy ny orona ary ny vava raha tsy avy nanasa tanana araka ny tokony ho izy.



Fanasana tanana araka ny tokony ho izy

Dingana 1: Lemo rano ny tananao

Dingana 2: Osory savony tsara

Dingana 3: Koseho ny felatanana sy ny ivohon'ny tanana, ny elanelan'ny rantsan-tanana sy ny hoho, mandritran'ny 20 segondra farafahakeliny

Dingana 4: Kobano tsara amin'ny rano madio

Dingana 5: Hamaino amin'ny lamba maina sy madio ny tananao, na amin'ny servieta taratasy na fanamainan-tanana raha toa ka misy

Sasao matetika ny tananao, indrindra fa mialoha sy rehefa avy misakafo; rehefa avy manintsin-delo, avy mikohaka, na avy mivena ; rehefa avy amin'ny trano fivoahana na isak'izay hita fa maloto ny tananao. Raha toa ka tsy misy ny rano dia ampiasao ny « gel désinfectant à base d'alchool » izay ahitana tahan'ny alchool 60% farafahakeliny. Sasao amin'ny savony hatrany ny tananao raha hita fa maloto.

Ampio ny ankizy miatrika rarintsaina « stress »

Samy hafa ny fomba fiatrehan'ny zaza ny rarintsaina. Iretono santionanany amin'ny mateti-pitranga : sarotra mahita tory, mipipy am-pandriana, marary am-bavafo na an-doha, taitaitra, mihidy, tezitra, malai-misaraka ary matahotra avela irery. Raiso tsara ny ankizy amin'ny zavatra mampanahy azy ka hazavao aminy

fa aradalana ny fihetsiny manoloana ny toe-javatra tsy mandeha amin'ny laoniny. Henoy ny ahiahiny ka manokana fotoana mihitsy hampaherezana azy ary anehoy fitiavana izy, lazao azy fa voaro izy ary dokafy matetika.

Araka izay azo atao, ataovy izay hahafahan'ny ankizy milalao sy miala voly. Ataovy izay hitazonana ny fahazarana sy fandaharam-potoana mahazatra, indrindra fa alohan'ny hatory, na mamorona vaovao ao amin'ny toe-javatra vaovao. Mampahafantara ny zava-misy marina ny amin'ny zavatra mitranga mifandraika amin'ny sokajin-taona ; hazavao aminy ny zava-mitranga ka manomeza ohatra mazava tsara ny amin'izay azony atao ho fiarovana ny tenany sy ny hafa tsy ho tratran'ny aretina. Ampahafantaro amin'ny fomba tsy mampitahotra izay mety hitranga.

Ohatra, raha sendra ka marary ny zanakao ka mijanona an-trano na tafiditra hôpitaly izao no azonao lazaina aminy : « Votery mijanona an-trano/amin'ny hôpitaly ianao satria izay no mahasoa anao sy ireo namanao bebe kokoa. Fanatro fa sarotra izany (angamba mety mampitahotra na mety mahasorena aza) amin'izao, fa mila manaraka fitsipika isika mba ho fiarovana ny tenantsika sy ny hafa. Hiverina ho amin'ny laoniny tsy ho ela ny zavatra rehetra. »

NY FOMBA FANASANA TANANA



**MAMPIASA
RANO SY SAVONY**



**KOSEHINA TSARA
NY FELATANANA**



**KOSEHINA TSARA
NY ELANELAN'NY RANTSANA**



**KOSEHINA TSARA
ANKIHIBENTANANA**



**KOSEHINA TSARA
TAMPON'NY TANANA**



**KOSEHINA TSARA
HATONTANANA**

TAKELAKA FITADIDY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY/MPIAHY NY ANKIZY & MPIARAMONINA

1. Araho maso ny fahasalaman'ny zanakao ka avelao hinjano an-trano izy
2. Ampianaro sy anomezo ohatra velona ny zanakao ny amin'ny fomba fanao tsara amin'ny fahadiovana
 - Sasao matetika amin'ny rano sy savony ny tananao. Raha tsy vonona ny rano sy savony dia mampiasà « gel désinfectant à base d'alcool » izay ahitana tahan'ny alchool 60% farafahakeliny. Sasao amin'ny savony hatrany ny tananao raha hita fa maloto.
 - Ataovy vonona mandrakariva ny rano fisotro madio ary misy trano fivoahana madio any antokantrano
 - Ataovy azo antoka fa voangona sy voatoby ary voary ny fako.
3. Ampirisiho hanontany sy hamoaka ny fihetsehampony amianao na amin'ny mpampianatra azy ny zanakao. Tsarovy fa mety ho samy hafa ny fihetsiky ny zanakao manoloana ny rarintsaina ; manana faharetana sy mahaiza mihevitra ny hafa
4. Sorohy ny fanilikilihana amin'ny fampiasana ny zavamisy ka ampahatsiarovy ny mpianatra mba hifampitsimbina.
5. Miarahamiasa amin'ny sekoly mba hahazo ny tsara ho fantatra ka fantaro izay azonao atao mba ho fanohanana ny ezaka fiarovana ataon'ny sekoly (amin'ny alalan'ny komity FEFI na FRAM)



V. MPIANATRA SY ANKIZY

Tokony hahafantatra ny zavamisy fototra sy mifandraika amin'ny sokajin-taonany momba ny Kôrônnavirisny ny ankizy sy ny zatovo. Ireto no tokony ho fantany : ny fambara aretina, ny fiombony, ny fomba fifindrany ary ny fisorohana ny fiparitahany. Manaraha tsy tapaka ny tsara ho fantatra manodidina ny aretina Kôrônnavirisny

avoakan'ny sampandraharaha azo antoka toy ny UNICEF sy ny OMS ary Ministeran'ny Fahasalamanabahoaka eo amin'ny firenena. Tandremo ny vaovao tsy marina/honohono izay mety miely vokatry ny tsaho avoakan'ny tamban-jotra sôsialy.



© UNICEF/Ramasomanana

TAKELAKA FITADIDY HO AN'NY MPIANATRA SY NY ANKIZY

1. Aradalana ny mahatsiaro ho malahelo, manahy, very hevitra, matahotra na tezitra amin'ny toejavatra toy itony. Fantaro fa tsy irery ianao ka miresaha amin'ny olona itokiano, toy ny ray aman-dreninao na ny mpampianatra anao mba hahafantaranao fa afaka mandray anjara miaro ny tenanao sy ny sekoly misy anao ho salama ianao.
 - Mametraha fanontaniana, ataovy izay hahalalanao ny tsara ho fantatra avy amin'ny loharanom-baovao marim-pototra.
2. Arovy ny tenanao sy ny hafa koa
 - Sasao matetika amin'ny rano sy savony farafahakeliny mandritry ny 20 segôndra
 - Aza kasihina ny tarehinao
 - Aza mifandimby kaopy, fitaovam-pihinana, na mihinana ambin-tsakafo na ambin-javapisotron'ny hafa.
3. Aoaka handray andraikitra amin'ny fiarovana ny fahasalamana ho an'ny tenanao sy ny sekoly misy anao, ny ankohonanao ary ny fiarahamonina misy anao.
 - Zrao amin'ny ankohonanao sy ny namanao, indrindra fa amin'ny ankizy madinika izay nianaranao momba ny fisorohana ilay aretina.
 - Manomeza ohatra velona ny amin'ny fomba fanao tsara toy ny mievina sy mikohaka amin'ny sandry miforitra sy manasa tanana, indrindra fa ho an'ireo zandrinao
4. Aza manilikilika ny namanao na mananihany ny olona tratran'ny aretina ; tsarovy fa tsy mifidy firenena na foko na sokajin-taona, na faripahaizana, na lahy na vavy ilay tsimokaretina.
5. Lazao amin'ny ray aman-dreninao na ny olona ao amin'ny ankohonanao na ny mpiahy anao raha sendra marary ianao, ka mangataha mba hijanona an-trano.

Fanabeazana ara-pahasalamana mifanaraka amin'ny sokajin-taona

Etsy ambany ny sosokevitra amin'ny fampandraisana anjara ny mpianatra amin'ny sokajin-taona rehetra ny amin'ny fomba fisorohana sy fifehezana ny fiparitahan'ny Kôronavirisy sy ny tsimokaretina hafa. Mila atao mifanaraka amin'ny toe-javamisy mifanaraka kokoa amin'ny filan'ny ankizy (fiteny, fari-pahalalana, lahy/vavy, sns) ny sahanasa.

Akany fibeazana fototra

- Mifantoha amin'ny fitondrantena tsara ara-pahasalamana, toy ny fikohafana sy fievinana ao amin'ny sandry aforitra ary ny fanasana tanana matetika
- Manaova hira rehefa manasa tanana mba hampiharana ny 20 sengôndra voalaza.
 - Afaka « manao fanazaran-tena » manasa tanana amin'ny « gel désinfectant » ny ankizy
- Mitadiava fomba hanaramahaso ny fanasana tanana sy ny fomba hanomezana « valisoa » ho an'izay tena mazoto manasa tanana ara-potoana
- Mampiasà marionety na saribakoly mba hanehoana sy fambara aretina (miverina, mikohaka, manavy) sy izay tokony hatao rehefa mahatsiaro marary izy ireo (i.e. marary ny an-doha, marary ny ambavafo, mahatsiaro mafana be na tena reraka be) ary ny fomba hampaherezana ny olona marary (mikolokolo ny fahaizana mampirisika sy mikarakara ny hafa amin'ny fomba tsy mitera-doza)
- Ampifanalaviro ny toerana ipetrahan'ny ankizy, asaivo mampitsotra ny tanany roa izy ireo na mikopakopaka elatra, mila misy elanelana kokoa izy ireo mba tsy hikasika ny namany.

Ambaratonga voalohany

- Henoy tsara ireo zavatra mampanahy ny ankizy ary valio mifanaraka amin'ny sokajin-taonany ireo fanontaniana manitikitika azy. Aza totofana zavatra tsara ho fantatra be loatra izy ireo. Ampirisiho izy ireo hamoaka sy hampahantatra ireo fihetseham-pony. Resaho ireo zavatra samy hafa mety ho tsapany ka hazavao aminy fa fihetsika ara-dalana ireo manoloana ny toe-javatra tsy mandeha amin'ny laoniny.
- Antitrantero fa afaka mahavita zavatra be hiarovany tena sy hiarovana ny hafa ny ankizy

- Ampidiro ny fahaiza-mihataka (mijoro lavidavitra kokoa ny namany, tsy mifanosina

amin'ny olona maro, tsy mikasikasika ny hafa tsy amin'ny tena antony, etc.)

- Mifantoha amin'ny fitondrantena tsara ara-pahasalamana, toy ny hoe ao amin'ny sandry aforitra no mikohaka na mievina ary ny fanasana tanana matetika

- Ampio ny ankizy mba hahafantatra ny fotokevitra forotra amin'ny fisorohana sy fifehezana aretina. Asehoy ny fomba fifindran'ny tsimokaretina. Ohatra, mametraka rano miloko amin'ny tavoahangy fanaporitsihana ka manaporitsika izany amin'ny taratasy fotsy. Jerena izay faritra tratran'ny piti-drano.
- Asehoy ny maha zavadehibe ny fanasana tanana mandritry ny 20 segôndra amin'ny rano sy savony
 - Asio piti-javatra kely fotsiny amin'ny tanan'ny ankizy ka asaivo sasany amin'ny rano fotsiny, dia mariho ny sisa mijanona amin'ny piti-javatra, rehefa izay dia asaivo sasany amin'ny rano sy savony mandritry ny 20 segôndra indray.
- Ampanaovy fanadihadiana lahatsoratra ny mpianatra mba hamantarana ny toe-po amampihetsika mety mitera-doza ka asaivo manao sosokevitra hanovàna ireo toe-po amampihetsika ireo izy ireo.

- Ohatra nisy mpampianatra voana'ny sery tonga tany an-teskoky. Niveina izy ka notampenany tamin'ny felatanany izany. Nandray tanana ny mpiaramiasa aminy izy. Nofafany tamin'ny mosara ny tananany rehefa avy eo ka lasa nampianatra izy. Inona amin'izay nataon'ilay mpampianatra no mety hitera-doza ? Inona no tokony ho nataony ?

Ambaratonga faharoa

- Henoy tsara ireo zavatra mampanahy ny mpianatra ary valio ireo fanontaniana manitiktika azy.
- Antitrantero fa afaka mahavita zavatra be hiarovany tena sy hiarofana ny hafa ny mpianatra
 - Ampidiro ny fahaiza-mihataka
 - Mifantoha amin'ny fitondrantena tsara ara-pahasalamana, toy toy ny hoe ao amin'ny sandry aforitra no mikohaka na mievina ary ny fanasana tanana matetika
 - Ampahatsiarovy ny mpianatra fa afaka manome modely ny amin'ny fitondrantena ara-pahasalamana ho an'ny ankohonany izy ireo
- Ampirisiho ny mpianatra mba hisoroka sy hiady amin'ny fanilikilihana
 - Resaho ireo zavatra samy hafa mety ho tsapany ka hazavao aminy fa fihetsika ara-dalana ireo manoloana ny toe-javatra tsy mandeha amin'ny laoniny. Ampirisiho izy ireo hamoaka sy hampahafantatra ireo fihetsehampony.
- Ajoroy ny sampandraharahan'ny mpianatra hampiroborobo ny zava-misy manodidina ny fahasalamam-bahoaka
 - Ampanaovy petadrindrina momba ny Filazana ho an'ny Be sy ny maro amin'ny alalan'ny filazana sy petadrindrin'ny sekoly ny mpianatra
- Ampidiro ao amin'ny taranja hafa manandanja ny fanabeazana ara-pahasalamana.
 - Afaka mijery ny fandihana ny tsimokaretina, ny fifindran'aretina ary ny maha zava-dehibe ny fanaovam-bakisiny ny siansa
 - Ny fianarana momba ny fiarahamonina kosa dia afaka mifantoka amin'ny tantaran'ny fihanahan'ny valanaretina sy ny fivoaran'ny pôlitika momba ny fahasalamam-bahoaka sy ny fiarovana ara-pahasalamana
 - Ny fianarana fototra momba ny serasera kosa dia afaka mamolavola ny mpianatra ho lasa mpanao fanadihadiana, mpiserasera mahay ary olom-pirenena mandray andraikitra.

Ny Lycée

- Henoy tsara ireo zavatra mampanahy ny mpianatra ary valio ireo fanontaniana manitiktika azy
- Antitrantero fa afaka mahavita zavatra be hiarovany tena sy hiarofana ny hafa ny mpianatra
 - Ampidiro ny fahaiza-mihataka
 - > Mifantoha amin'ny fitondrantena tsara ara-pahasalamana, toy ny hoe ao amin'ny sandry aforitra no mikohaka na mievina ary ny fanasana tanana matetika
 - > Ampirisiho ny mpianatra mba hisoroka sy hiady amin'ny fanilikilihana
 - Resaho ireo zavatra samy hafa mety ho tsapany ka hazavao aminy fa fihetsika ara-dalana ireo manoloana ny toe-javatra tsy mandeha amin'ny laoniny. Ampirisiho izy ireo hamoaka sy hampahafantatra ireo fihetsehampony
- Ampidiro ao amin'ny taranja hafa manandanja ny fanabeazana ara-pahasalamana.
 - Afaka mijery ny fandihana ny tsimokaretina, ny fifindran'aretina ary ny maha zava-dehibe ny fanaovam-bakisiny ny siansa
 - Ny fianarana momba ny fiarahamonina kosa dia afaka mifantoka amin'ny tantaran'ny fihanahan'ny valanaretina sy ny ireo fiantraikany tsy mivantana ary manadihady ny fomba nahatonga ny pôlitikam-panjakana ho nampiroborobo ny fahazakana ny hafa sy ny firaisan-kina.
- Ampanaovy petadrindrina momba ny Filazana ho an'ny Be sy ny maro amin'ny alalan'ny tambajotran-tserasera, fandaharana amin'ny fampieleza-peo na amin'ny fahitalavitra eo an-toerana
 - Ny fianarana fototra momba ny serasera kosa dia afaka mamolavola ny mpianatra ho lasa mpanao fanadihadiana, mpiserasera mahay ary olom-pirenena mandray andraikitra.



Fisaorana

Ity tahirinkevitra ity dia nosoratan'i Lisa Bender (Education UNICEF NYHQ), avy tamin'ny fanohanana aratekinika avy tamin'ny mpikambana ao Sekretaria n'ny UNICEF misahana ny COVID-19 (Carlos Navarro Colorado, Maya Aarii & Hugo Razuri) ary koa ny fanohanana avy amin'ny ekipa UNICEF WASH, C4D ary Fiarovana ny Ankizy. Isaorana manokana i Maida Paisic (UNICEF EAPRO), Le Anh Lan (UNICEF Vietnam), Tserennadmid Nyamkhuu (UNICEF Mongolia), Dr, Maria D Van Kerkhove (WHO) sy Gwedolen Eamer (IFRC) tamin'ny fiarahamiasa akaiky nasehon'izy ireo. Fandrafetana ny boky amin'ny teny malagasy : Hery RAZAFINDRALAMBO (C4D UNICEF Madagasikara)

CONTACT

Lisa Bender (lbender@unicef.org)

Education in Emergencies UNICEF New York



unicef  | ho an'ny ankizy

 Organisation
mondiale de la Santé

 IFRC